FANKALAZANA AN'I MD PIERA SY PAOLY Taona 2025 D

ATAONAREO HO IZY MOA AHO?

Ry Kristianina Havana, vao tsy ela isika no nilaozan'I Papa François. Handry am-piadanana anie ny fanahiny ary izy hivavaka ho antsika. Isaorana Andriamanitra fa nomeny an'i Papa Leon faha XIV isika. Hiombom-bavaka aminy isika amin'izao fankalazana an'I Md Piera sy Paoly izao mba ho feno Fanahy Masina izy hahafahany mitarika antsika amin'I Jesoa ilay hany hasambarana. Isaorana Andriamanitra nahavita soa aman-tsara ny pelerinajy ireo Evekantsika. Mbola ao am-pontsika ny hafatry ny Papa ho azy ireo ary ho antsika mianakavy ihany koa fa indrindra amin'izao ao anatin'ny volan'I Jiona volan'ny Fo Masin'I Jesoa izay voatokana ho Mpiaro an'I Madagasikara. Madagasikara izay vao avy nankalaza ny 26 jiona fankalazana ny fiverenan'ny fahaleovantena. Hoy ny Papa : "Zary Mpivahinin'ny fanantenana ho an'nyvahoakanareo, ho an'nyfianakaviana, ho an'ireozokiolona, ho an'ny ankizy sy ny tanora ianareo; mba hahazoan'ny Eglizy any Madagasikara, amin'ny alalanareo, ny fahasoavana handeha amin'ny fanantenana izayi Jesoa Kristy.

Vakitenyl : Asa 12,1-11
Tononkira : Sal 33;
Vakitenyll : 2Tim 4,6-8.17-18
Evanjely : Mt 16,13-19

Faly aho mandre anareo mizara amiko ny hafaliana sy ny sedra iainanareo eo amin'ny fanompoana ny Eglizy, izay entinareo amim-pahamarinana. Ny fanankaikazanareo ny vahoakan'Andriamanitra dia famantarana velona maneho ny Evanjely. Manentana anareo tsirairay aho amin'ny fanatanterahana ny andraikitry ny Eveka, indrindra amin'ny fikarakarana ny pretra, izay mpiara-miasa akaiky indrindra aminareo sady rahalahinareo akaiky indrindra, ary koa amin'ireo relijiozy lehilahy sy

vehivavy izay manolo-tena hanompo……Manentana anareo ihany koa aho mba tsy hiala amin’ny fijerena ny mahantra: izy ireo no ivon’ny Evanjely, ary izy ireo no tanjona kendrena manokana kendrena amin’ny fitoriana ny Tenin’Andriamanitra. Enga anie ianareo hahita amin’ny masom-pinoana ny endrik’i Kristy ao amin’izy ireo, ary hijoro hatrany amin’ny asa fanompoana entanin’ny fikarakarana mivantana an’ireo madinika indrindra. Enga anie ny fanompoanareo amin’ity Taona Masina ity, na dia eo aza ny sedra sy ny fitsapana, hanampy azy ireo hahita ny lanitra vaovao mitondra fanantenana atolotr’I Kristy. Manohy ny antson’i Papa François aho, manasa anareo hikarakara ny “tranobe iombonana”. Arovy ny hatsaran’endrik’i Madagasikara, ilay Nosy Lehibe, izay natokana ho anareo ny fikajiana ny hatsarany sy ny marefo ao aminy. Ny fikarakarana ny tontolo iainana dia ampahany tsy azo idifiana amin’ny iraka maha-mpaminany anareo. Tandrovy toa ny zanak’andriamaso ny zava-boary mitaraina, ary ampianaro ny mpino hiaina sy hiaro izany ao anatin’ny fanazana ny rariny sy fiadanana."

Amin’ny fankalazana an’i Md Piera sy Md Paoly, ny Eglizy dia maneho fisaorana lalina an’Andriamanitra, satria nampiasa ireto olomasina roa lehibe ireto Izy ho fototra sy andry niorenan’ny Eglizy masina, apostolika ary katolika.

Matetika isika no mivolagana fa tsy misy kisendrasendra fa ataon’Andriamanitra izao rehetra izao hahasoa izay mino azy…. Maninona tokoa moa latsaka Alahady ny fankalazana an’I Md Piera sy Paoly amin’ity taon-jobily ity. Tian’Andriamanitra hibanjinana bebe kokoa an’ireo vatofototra ny finoana ireo isika mba hahaizantsika handray azy ireo ho modely ka hahatonga antsika ho Mpivahinin’ny Fanantenana satria tsy mankaiza amin’ny zava-misy natrehin’izy ireo no atrehintsika amin’izao vanim-potoana krizy mafy sy marolafy izao. Izy ireo anie hivavaka ho antsika ka izao fankalazana izao anie hitondra antsika hanana ainga vao.

Andeha ho dinihintsika ny Tenin’Andriamanitra aroson’ny Eglizy amin’izao fankalazana an’I Piera syPaoly izao.

Ny Vakiteny voalohany dia mitantara ny nanafahan’ny Tompo tamin’ny alalan’ny anjeliny an’i Piera tao an-tranomaizina. Niharan’ny fanenjehana sy ny famonoana ireo Apôstôly, efa maty noho izany i Jakoba rahalahin’i Joany. Eto dia i Piera indray no nalaina sy nosamborin’i Herôda sy ireo lohandohan’ny Jody. Nampidirana am-ponja izy, ary noeritreretina ho vonoina sy hatao martiry taorian’ny Paka. Inona anefa ny zava-mitranga? Manoloana ny hevi-dratsin’ny olona dia tsy mitazam-potsiny ny Tompo, fa miaro ny mpanompony. Azy ny teny farany, Azy ny fandaharana : raha toa ka mbola tsy sitrapony, dia tsy avelany ho faty ny mpanompony. Eto dia mbola misy asa hafa tsy maintsy ataon’i Piera, ka nafahany aloha izy. Mampiseho ny heriny sy ny voninahiny ihany koa nyTompo. Eo am-pelatanany ny zavatra rehetra, ny fiainantsika. Fa tsy amin’ny fahafatesana ara-batana ihany anefa no hanafahana sy hamonjen’ny Tompo ny olony. Ho avy ny andro tsy maintsy hiatrehan’i Piera ny martiry sy ny fahafatesana. I Jesoa tamin’ny misterin’ny Pakany no efa nijaly-maty-nalevina, fa nitsangan-ko velona rehefa afaka hateloana. Isika ihany koa dia tsy maintsy mandalo amin’izany. Ny tena hanafahan’ny Tompo antsika dia amin’ny fahafatesan’ny vatana, fa indrindra amin’ny fahafatesana mandrakizay. Ho faty ara-batana isika, fa hovonjeny sy hafahany ka ho velona mandrakizay. Rehefa maty ara-batana ianao dia mifanojo sy

efa tonga amin’iny ihany koa ny fiantsoan’Andriamanitra ho anao ho any am-paradisa!

Ohatry ny nofinofy no niheveran’i Piera ny nanafahana azy sy ny tenin’ny Anjely: “mitsangana faingana”. Efa mampahatsiahy ny fitsanganan-ko velona sahady izany teny izany. Tsapany tamin’ny farany anefa fa tena nanao zava-mahagaga taminy ny Tompo. Manaitra ary ohatra ho antsika kristianina ankehitriny ihany koa ny nataon’ireo mpino tamin’izany andro izany: niara-nivavaka, nanandratra vavaka tsy an-kijanona tamin’Andriamanitra ho an’i Piera. Ny vavaky ny maro tokoa mantsy mahatakatra ny lanitra. N’inon’inona, hoy i Jesoa, angatahinareo miaraka, amin’ny alalako dia omen’ny Ray anareo izany. Mihaino vavaka tokoa Andriamanitra.

Ny Vakiteny faharoa, Taratasy faharoa ho an’i Timote dia azo lazaina fa hafatra’ilay Ray maniry hatsarana ho an’ny zanany. Nambaran’I Paoly fa efa atomotra ny andro hahafatesany. Ny fiainany dia toa ny “fanatitra velona”, nolaniany tamin’ny fitiavana sy fanompoana an’i Jesoa Kristy sy ireo nitoriany ny Evanjeliny. Sarintsarin-teny no ampiasainy, nilazàny ny niainany ny maha-Apôstôly azy: “Niady ny ady tsara, nahatanteraka ny fihazakazahana, nitahiry ny finoana”. Ny fiainany dia toy ny “ady” amin’ny fanompoana ny finoana manoloana ireo fahavalo sy ireo fahasarotana marobe. Ny fiainany dia toy ny hazakazaka. Eto dia hoy izy hoe: “Hany sisa ataoko dia ny mandray ny satro-boninahitry ny fahamarinana, izay omen’ny Tompo ahy”. Mino aho fa samy mahatsiaro ny teny averimberintsika matetika isika maheno an’I Paoly eto. Ady sady dia ny fiainana. Ady amin’ny ratsy. Maro ny fahavalon’I Paoly. Maro ihany koa ny fahavalo atrehintsika fa indrindra ity krizy mafy sy maro lafy ity. Nefa tahaka an’I Paoly aoka ny ratsy no iadiantsika fa tsy ny olo na oviana na oviana. Dia manahaka ny amin’ny fiainana hahazoana ny satro-boninahitra hoy Paoly. Tsy ho azy irery izany satro-boninahitra izany hoy izy fa ho an’izay rehetra tia ny hahatongavan’ny Tompo sy miandry Azy ihany koa. Teo amin’ny fiainany sy ny asam-pitoriana dia nisy fotoana nandaozan’ny olona azy, tsapany hatrany kosa anefa fa teo foana ny Tompo, namonjy azy, nankehery fò. Farany, noho izany zavatra rehetra izany, dia hoy izy: “Ho an’ny Tompo anie ny voninahitra mandrakizay. Amen”.

Ao amin’ny Evanjely, dia mametraka fanontaniana lehibe i Jesoa hoe:“Fa ianareo kosa, iza moa no ilazanareo Ahy?”

Ity fanontaniana ity dia mitaky valiny amin’ny tsirairay. Tsy te-hahalala fotsiny izay lazain'ny olona i Jesoa, fa te-hahalala izay finoantsika manokana. Ary Piera, amin’ny fahazavana avy amin’ny Ray, no namaly hoe: “Ianao no Kristy, Zanak’Andriamanitra velona!”

Tsy valiny avy amin’ny fahalalana fotsiny izany, fa vokatry ny fahasoavana. Izany no nahatonga an’i Jesoa nilaza hoe:“Sambatra ianao, ry Simona zanak’i Jona, fa tsy ny nofo aman-drà no nanambara izany taminao, fa ny Raiko izay any an-danitra.”

Ampianarin’ny Eglizy isika eto fa tsy fahalalana ara-tsaina ihany no mitarika ho amin’ny finoana, fa fihaonana velona amin’i Kristy, amin’ny alalan’ny fahasoavana sy ny asa madio.

“Ianao no Piera” – Ny fanorenana ny Eglizy amin’ny Vatolampy.

Ny valin’i Piera dia niteraka fanamby:“Ianao no Piera, ary eo ambonin’ity vatolampy ity no hanorenako ny Fiangonako.”

I Piera, ilay mpianatra tsy lavorary, lasa vatolampy iorenan’ny Eglizy. Io no niandohan’ny Piera Vaovao, dia ny Papa, lohan’ny Apôstôly sy vato manambara ny firaisan’ny Eglizy manerana izao tontolo izao.

Eo amin’ny Eglizy Katolika, i Md Piera dia mariky ny fahatokiana sy ny firaisan’ny Eglizy amin’ny Papa, ary i Md Paoly kosa dia endriky ny asan’ny Eglizy mitory an’i Kristy amin’ny rehetra.

Md Paoly – Apostolin’ny jentily, vavolombelona maharitra

Raha i Piera no niorina teo amin’ny fototry ny Eglizy, dia i Paoly kosa no niely nanambara an’i Kristy tamin’ny jentily rehetra. Mampahatsiahy antsika ny teniny hoe:“Ny finoana sy ny fahasoavana no nahavonjy ahy” (Romana 3)

Nampianatra i Md Paoly fa tsy amin’ny lalàna sy fanao ivelany ihany no ahazoantsika famonjena, fa amin’ny fahasoavana omen’i Kristy syny finoana azy. Ny taratasiny dia fototra lehibe amin’ny fampianarana sy ny teôlôjian’ny Eglizy Katolika.

I Paoly dia vavolombelon’ny fiovam-po sy fahasahiana amin’ny fitoriana. Natahotra sy nenjehina, voadaroka sy nogadraina, nefa tsy nihemotra izy, fa nilaza hoe:

“Ho ahy i Kristy no fiainana, ary ny maty dia tombony.” (Fil 1, 21). Torak’izany koa :Tsyizaho fa ny fahasoavan’Andriamanitra miaraka amiko no ahafahako manao izao (1Ko 15, 10d)

Ry havana, manentana antsika izao fankalazana izao hatoky amim-pinoana sy amin’ny Papa, izay mitana ny fanalahidin’i Piera mandrake ankehitriny; Hitory an’i Kristy amin’ny fiainantsika, amin’ny fomba fihevitra, amin’ny fitiavana ny mahantra, amin’ny fandraisana an-tanana ny fiainan’ny Eglizy. Izany indrindra no ataontsika ka anentanana antsika tsiraikiraiky amin’izao Sinaody faha-7 izao fa indrindra ity fijanonana faha-3 ka hahatonga antsika tokoa hifampitsimbina sy hifanasoa hikatsaka ny soa iombonana araka ny hafatr’I Papa Léon faha XIV izay vao norenesentsika teo. Hanolotra ny tenantsika ho vavolombelona, na dia amin’ny fanoherana sy fijaliana aza. I Piera sy Paoly samy niatraika ny fandatsahan-dra tao Roma, satria niara-nijoro ho vavolombelon’ny Evanjely. Izy ireo no Olomasina mpiaro an’i Roma sy vavolombelona iombonan’ny Eglizy Katolika. Modely sy Mpivavaka ho antsika izy ireo tahaka ireo Olomasina sy Olontsambatra notanisain’I Papa Leon XIV tamin’ny fihaonanany tamin’ny Eveka.

Masina Maria Reny tantano mandrakariva ny dian’ny Eglizy na dia eo aza ny sedra dia ho tody soa aman-tsara. Md Josefa Mpiaron’ny Eglizy eran-tany mifofo ny rivotra mitady handrendrika azy ankehitriny matoky ny vavaka sy ny fiarovanao izahay. Amena

MomperaArseveka Mgr Benjamin Ramaroson